VAZAHABE SY NY CUA

Tsy miasa ho anao fa ho an'ny tombontsoany

Soratra mivandravandra fahita any amin'ireo toerana iasan 'ny Kaomina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny hoe : « CUA MIASA HO ANAO » .Izany tokoa ve no zavamisy sa?

Efa ho herintaona mahery izao no nitondran'ny Ben'ny tanàna Vazahabe ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, ny hita mibaribary aloha dia tsy mandeha amin'ny laoniny ny asa, fa azo lazaina hoe miha-ratsy sahala amin' ny amboa nosasana ny fahitana azy .

Ny lalana

Mampikaikaika ny rehetra ny lalana eto an-drenivohitra, satria ny faritra sasany dia tsy mba lalana misy lavaka no hita, fa lavaka misy lalana, nisy ny fampanantenana fa amboarina ny lalana eto Antananarivo mandritra ny fihibohana, kanefa dia bala rora ihany izany.

Tsy tokony hisy ny sakana tsy ahafahana manamboatra ny lalana eto andrenivohitra, satria efa novoizina mafy tamin'ny fampielezankevitra, fa raha olon'ny antokon'ny fitondrana no Ben'ny Tanàna dia tsy hisy ny olana amin'ny fampandrosoana. Mikasika ny fikojakojana ny lalana dia misy ilay antsoina hoe : " TPP " na "Taxes sur les Produits Petroliers ", io dia ampahambola alaina amin'ny vidin'ny solika entina ikojakojana ny lalana, ny fanjakana foibe no mikirakira azy io. Antananarivo Renivohitra no lohalaharana amin'ny fanjifana solika eto Madagasikara, raha ny tokony ho izy dia tokony ho tsara avokoa ny lalana eto an-drenivohitra. Tamin'ny fotoana nitondran' i Neny Lalao Ravalomanana dia sady tsy nanamboatra lalana ny mpitondra foibe no tsy nanome vola niasan'ny CUA tamin'izany, kanefa dia niezaka nanamboatra arak'izay teo ampelatanana i Neny sy ny ekipany, fa amin'izao fotoana izao matoa mbola ratsy ny lalana eto an-tanàna dia natao salobokomana ilay "TPP", ary ny dikan'izany dia ny "CUA TSY MIASA HO ANAO", fa ho an'ny tombontsoany ihany.

Ny tsena

Ny tsena no maha Antananarivo an'Antananarivo satria tonga eto avokoa mividy, sy mivarotra, na ny avy amin'ny manodidina, na ireo avy any amin'ny faritra.

Hatramin'izao herintaona nitondran'i Vazahabe izao dia tsy mbola voalamina ny mpivarotra, fanamby nataon'ny mpitondra ny tanàna ny hampilamina ireo mpivarotra kanefa vao mainka indray fanakorontanana no hita, ireny niaraha-nahita ireny ny fandravana ireo "box" izay tsy nanelingelina ny fifamoivoizana velively, ireo toeram-pivarotana tao ambadiky ny Boriborintany voalohany, hita mihitsy ho nanome endrika ny tanàna, kanefa dia nopotehina tsy nananana antra , ilay fotodrafitrasa eny Behoririka nambara fa tsy ara-dalàna tamin'ny fotoana nitondran'i Neny, mody narodan'ny Minisiteran'ny fanajariana ny tany , ny tenan'Ingahy Liva Raharison tompon' andraikitra ao amin'io ministera io mihitsy no nitarika ny fandravana ny ampahany kely tsy dia mankaiza, tamin'izany dia efa azo an-tsaina, fa tsy maintsy mbola ho ampiasaina io toerana io matoa tsy narodana ny tena fototra, kinanjo inona tokoa fa ankehitriny dia amboarina ilay toerana ary atao tsena mahazaka mpivarotra anatiny sy ivelany, ny tsena eny amin'ny sisin'ny Soarano dia tsy noravana tanteraka fa nofefena fanitso, ny azo inoana dia mety ho azo atao indray ny mivarotra eo aoriana kely, saingy ny azo antoka dia mety hiova ny tompon'ny tsena na mety ho lasan'izay mandrotsaka be ny toerana, enga anie ka ho diso izany! fa ny tena mampalahelo dia efa ho herintaona izao no tsy afa-nivarotra ny tao amin'ny "Zaimaika ", kanefa dia tsy mbola vita hatramin'izao ny fanarenana ilay toerana , satria tsy laharampahamehana ho an-dry Vazahabe sy ny forongony ny mikarakara ireo mpivarotra madinika, fa ny hampanofa box eny Behoririka no mahamaika azy mianakavy, mazava izany fa ny "NY CUA TSY MIASA HO ANAO", fa ho an'ny tombontsoany.

Ny fanadiovana

Narantiranty ireo fiarabe ampolony maro nambara fa fiaran'ny Samva, izay hisahana ny fandraofana ny fako eto Antananarivo, indrisy anefa fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fampiasana azy ireny, ny tena marina dia nihena an-toerana ny isan'ireo fiarabe, ka tsy fantatra ankehitriny izay tena isany marina, ny vokany dia tsy lavorary ny fandraofana ny fako eto Antananarivo hatramin' izao.

Misy ny ampahambola arotsaky ny Jirama ao amin'ny kitampombolan'ny Samva sy ny Cua, io ilay antsoina hoe : " Revenus sur les Ordures Menagères na ROM ", sy ny "Revenus sur les Eaux Usées na REU", raha ny habetsaky ny mpanjifan'ny Jirama eto Antananarivo Renivohitra dia tokony hisy ny entimanana handraofana ny fako, fa matoa tsy vita izany dia ny "CUA TSY MIASA HO ANAO", fa ny tombontsoany ihany no banjininy.

Ny fanorenan-trano

Ny Kaomina Antananarivo Renivohitra no tompon'andraikitra amin'ny fanomezana alalana hanorina na "permis de construire", tokony ho jerena avokoa amin'ny fanomezana alalana ny lafiny tontolo iainana, ny fikorinan'ny rano, ny fifamoivoizana, ary indrindra ny fitsinjovana ny ain'olona , izay tokony ho sakana tsy ahafahana manome ny alalana .

Mikasika ilay trano izay nitera-doza teny Anosizato Atsinanana, mbola ao anatin'ny Kaomina Antananarivo Renivohitra , dia natao tandrametaka ny fanadihadiana mikasika ilay toerana nanorenana ny fotodrafitrasa, matoa orana tsy dia mankaiza akory dia efa ampy nampirodana ilay trano. Ny dikan'izany, tsy afa-miala, fa manana andraikitra tamin'iny loza iny ny Cua , satria tsy mitsinjo ny aimbahoaka. Raha tsorina dia ny " CUA TSY MIASA HO ANAO".

Herintaona izay no lasa teo amin'ny fitantanan'Ingahy Vazahabe ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, nantenain-kisondrotra ny tanàna, kinanjo vao mainka nilentika, nipoapoaka ny fampanantenana tamin'ny fampielezankevitra, fa ny voaporofo sy tsy takona afenina dia mazava, fa ny " CUA TSY MIASA HO ANAO", satria tsy mahafehy ny fitantanana ny tanàna ny mpitarika azy.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Fiaraha-manonja, miha-mahery ka efa hilentika ny lakan-jejo

« Horakoraka ny an'ny sahona fa ny tsiboboka no tompon'ny rano ». Efa lokomboasary avokoa no manemotra, tsy ny tranon'ny andrimpanjakana, na ny trano misy ireo departemanta isan-tokony, na ireo sampan-draharampanjakana ihany, fa hatramin'ny lokon'akanjon'ny mpanohana ny fitondrana. Raha izay no jerena dia azo tombanana fa tena "revolisionera miravaka lokondoranjy" tokoa no manjaka eto Madagasikara. Araka izany, na inona na inona zavatra mitranga dia efa manana izay lazainy fa vahaolana mifanandrify amin'izany ny fitondrana. Tsy fiarovan-tena na fiarovana ny filohan'ny Repoblika na ny andrim-panjakana no vahaolana, fa ny fandrosoana programa maty paika efa voavolavola mialoha entina miatrika izay mety mitranga. Tsy fampitahorana na fampihorohoroana izay maneho hevitra momba ny tranga marina misy eto an-toerana no hampitony ny fisafotofoton'ny rivom-panovana, fa ny fiaikena fa niborioka any amin'ny làlana tsy tokony alehany ny fitantanana ny Firenena. Raha ny fihetsiky ny depiote "maro an'isa" eny amin'ny Antenimierampirenena tokoa no vakiana dia tsy mifanandrify amin'ny andraikitra maha mpanara-maso ny asan'ny mpanatanteraka sy manitsy izay tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy no ataon'ireto depiote ireto, fa ny mifanohitra amin'izany. Raha ny marina dia rehefa mizotra any amin'ny tsy tokony halehany ny fitantanana ny raharaham-pirenena dia tsy miaro ny mpanatanteraka no andraikitry ny Antenimiera, fa ny mametraka ny "fitsipaham-pitokisana". Nandritra izay roa taona nitantanan'izao fitondrana izao ny Firenena izay dia tsapan'ny olompirenena manaraka ny fiainam-pirenena, fa familiviliana ny saim-bahoaka amin'ny fandefasana horonan-tsary mampanonofy mitsangana no atao isaky ny misy tranga manala baraka (scandale). Tsy azo hadinoina ny resaka "bonbons sucettes", ny "écrans plats", ny fanodinkodinana ny vola fanampiana avy any ivelany niatrehana ny valanaretina, ny fijalian'ny vahoaka manoloana ny fahatapahan'ny rano sy herinaratra ary farany teo ny "volamena 73,5 kilao". Mamaky bantsilana ireo toe-draharaha ireo ao amin'ny fandaharana "Miara Manonja" ny loholona, solombavambahoaka sy mpanao politika ary mpamakafaka ny toe-draharaha eo amin'ny sehatra rehetra. Manoloana izany dia tsy mijanona amin'ny fiarahana amin'ny filohan'ny Repoblika intsony ny vondrona maro an'isa (IRD) eny amin'ny Antenimieram-pirenena, fa lasa mpiaro azy. Ampahatsiahivina fa tsy mpiaro na mpandoka ny mpanatanteraka ny depiote, fa manery ny mpitarika ao amin'ity andrimpanjakana ity hanatanteraka ny toky sy programan'asa narosony tamin'ny fampielezan-kevitra. Raha mamporisika ny birao maharitry ny Antenimierampirenena handray fepetra ho an'ireo solombavambahoaka ao amin'ny fandaharana Miara-Manonja dia mifamototra amin'ny andraikitra tsy maintsy raisina izany. Raha ny marina dia ireo minisitra tsy maha tanteraka ny andraikitra iantsorohany no hantsoin'ny (interpeler-ny) Antenimierampirenena. Niaraha-nahita ny fibedesan'ny filohan'ny Repoblika ny tale jeneralin'ny Jirama kanefa tsy nisy fepetra noraisina mifanandrify amin'izany. Ny minisitry ny angôvo sy ny minisitry ny rano dia samy tomponandraikitra amin'izao fahoriana iainan'ny mponina momba ny fahatapahan'ny angôvo sy rano lavareny ity. Angamba heverin'ny mpitondra fa tsy fahafaham-baraka izao tranga izao dia fahendrena ny mandray fepetra henjana ho an'ireo tomponandraikitra tsy mahavita azy rehetra. Tsy fiarovana ny mpanatanteraka no andraikitry ny fahefana mpanao lalàna, fa manasazy azy manoloana ny tsy fanatanterahany ny andraikiny. Mihorakoraka ao amin'ny fampielezampeom-pirenena ny minisiteran'ny serasera ho fiarovana ny ao amin'ny fitondrana misy azy kanefa tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva, fa tsy takona hafenina intsony, fa tsy mahavaha ny olana mianjady amin'ny mpiray firenena aminy izy ireo. Tsy tokony ho hadinoina ihany koa fa an'ny vahoaka ny fahefana ka rehefa mahita izy, fa tsy araka ny tokony ho izy intsony ny fitantanana ny Firenena dia zony feno ny manaisotra izany fahefana nampidraminy izany.

Andry Tsiavalona

TONONKALO

Anaty taom-piasanareo

Anaty taom-piasanareo no misy afera be mipoaka,
Dia ny aferam-bolamena , mampiranga ny vahoaka.
Ny atidoha ? tsy hafa akory ireo voatonona amin`izany,
Fa ny anaran`olobe anaty fitondrana ihany !

Anaty taom-piasanareo no misy fahantrana lalina,
Iaretanay vahoaka , na ny antoandro na ny alina.
Jiro tapaka matetika , rano koa torak`izany.
Fakitiora anefa , loza, fa misondrotra hatrany !

Anaty taom-piasanareo no misy ngeza notoroana,
Hibadaraka , hiaiky fa hoe nisy ny hadisoana.
Saingy dia hatreo ihany ka akory ny hagagana,
Fa toa tena tsy ao an-dohany ny hametra-pialana !

Anaty taom-piasanareo no misy an-dry Rabelazao,
Mampanantena fa ny volana no homeny ho kilalao.
Kinanjo na ny hohanina aza toa vao mainka mihamangidy,
Fa ny vary iray kapoaka , efa mila tsy ho voavidy !

Anaty taom-piasanareo no misy ireo mamisavisa
Fa ny kintana no halainy dia homeny hatao tanisa !
Kanjo hatreto dia ny voky , ireo hatrany no miletra .
Tsy mahay ny mba hizara sy tsy mahalala fetra !

Anaty taom-piasanareo no misy indray ireo mietaketaka,
Dia `reo "kodiarana efa noana" fa naverina napetaka.
Ny hanaratsy ireo mpanohitra , izay no andraikiny mafonja,
Fa tsy zakan`ny mpitondra iretsy "miaraka manonja"!

DADAN`i ZINA (24-01-21)